


Fifaliana lehibe ho an’ny Kiadin’i Madagasikara Fivondronana Fitiavana ny nanitsaka ny faha-10 taona nisiany. Lanonan’ny samy Kiady notronon’ny Ray aman-dreny sy havana aman-tsakaiza no nanamarihana izany ny Alahady, 02 Septambra teo tao amin’ny Espace Lovasoa Ambohijafy Itaosy. Nanome voninahitra ny Fotoana ny Filoha lefitry ny Komity Lehibe, Rikki, sy Ramatoa Vadiny sy ireo mpikamban’ny Komity Lehibe nahitana an’i Vano, Kakafotra, Dragon. Teo ihany koa ny Mpikambana avy ao amin’ny Foibe izay tonga maro. Nahatonga fialantsiny ny Komity Lehibe Filoha Voara, Ankoay ary Fontsy, tsy afa-nanatrika.



Amin’ny maha lanonan-dehibe ity tsingerintaona faha folo dia nisy ny nofonkena mitapihavanana nifampizarana tamin’ireo teny an-toerana, akoatra ny dihy sy kalokalo dia nofaranana tamin’ny fizarana mofomamy ny hafaliany, izay nihavaka satria Koban-dravina voavoatra manokana no natolotra. Ny zazanavelan-dRakoto Frah notarihin’i Sophie izay mpikambana no nandravaka tamin’ny dihy vakodrazana.



[illegible] Kiadin'i Madagasikara, [illegible]



[illegible] Kiady Fitiavana [illegible] (for boys scouts) [illegible] (for girls) [illegible] Malagasy [illegible]